# Ilay Voa Tsara Nafafy 12 Novambra 2018

# 12 Alatsinainy novambra

**Ary tany Antiokia no voalohany nanaovana ny anaran'ny mpianatra hoe Kristiana.**
Asan'ny Apostoly 11. 26

**Fa raha misy mijaly satria Kristiana, dia aoka tsy ho menatra izy ; fa aoka hankalaza an'Adriamanitra amin'izany anarana izany izy.** 1 Petera 4. 16

## Ireo anaran'ny kristiana

Dieny tany am-piandohan'ny Fiangonana, dia efa nantsoina tamina anarana maro samihafa ny mpino (izany hoe, ireo izay nino an'i Jesosy Kristy). Ny hevitra manokana fonosin'ny tsirairay amin'ireny fiantsoana ireny dia manampy antsika, ankehitriny, hahatakatra ny atao hoe kristiana sy ny misiona anirahana azy etỳ an-tany. — *Kristiana* : Ny hevitr'io teny io dia hoe : avy amin'i Kristy. Ny toetra voalohany amantarana ny kristiana dia ny fanekeny an'i Jesosy Kristy ho Tompo sy ny hinoany ao am-pony fa efa nitsangana tamin'ny maty Izy (Romana 10. 9). — *Voantso* (Joda 1) : Ny mampiavaka ny kristiana dia izy mandre ny antson'ny Tompo ka mamaly izany. — *Voafidy* (Titosy 1. 1) : Ny mpino dia ireo izay nofidin'Andriamanitra araka ny fahalalany mialoha. Voninahitra omena azy ireo izany ! Koa andraikitr'izy ireo ny manaja ny Tompo. — *Mpianatra* (Jaona 8. 31) : Ny hoe mpianatra dia mihaino sy manaraka ny fampianaran'i Jesosy, toy ny nataon'ireo izay nanaraka Azy fony Izy etỳ an-tany. — *Rahalahy* (Asan'ny Apostoly 9. 30) : Ny Tompo mihitsy no miantso antsika hoe rahalahiny (Jaona 20. 17) ; koa araka izany, ny mpino rehetra dia mpirahalahy, mpirahavavy, mpianadahy avokoa. Izy ireo no ankohonan'ny finoana, ary manana an'Andriamanitra ho Ray. — *Sakaiza* (3 Jaona 15) : Antsoin'ny Tompo ihany koa hoe sakaiz*any* ny olony (Lioka 12. 4 ; Jaona 15. 15). Ny mpino rehetra dia mahafantatra fa tiany ary mifamatotra amina fitiavana feno fahatokiana sy tsy miovaova. — *Olona masina, na nohamasinina* (Asan'ny Apostoly 9. 13) : Ny mpino dia voatokana ho an'i Kristy, ka tsy anisan'izao tontolo izao intsony, fa an'ny Tompo. — *Mahatoky* (Efesiana 1. 1) : Maharitra amin'ny finoana izy ireo, maharitra ao amin'ny fiombonana kristiana. Mifahatra tsara izy ireo, miatrika ny fanenjehana.